

# 23 minitra tany amin'ny helo

Bill Wiese



*Nadika avy tamin'ny rakipeon'ny fivoriana iray tany Kansas City, KS nantsoina hoe "Kansas City for America". Ny niainany ny helo dia tamin'ny 23 novambra 1998.*

<http://www.DivineRevelations.info/MALAGASY>

*(Teny fampidiran'ny mpanentana)*

Roa volana lasa izay, I Mike Bickle, Mpiaramiasa amiko ao amin'ny [tranom-bavaka iraisam-pirenena](#) dia niangavy ahy hampianatra momba ny helo. Raha mbola nandalina aho dia nomen'ny namako Steve Carpenter kasety mirakitra ny hafatr'i Bill Wiese sy ny vadiny Annette izay horenesinao izao. Io hafany io dia nanakorontana ny tontoloko. Nanova tanteraka ny fomba fitondrako ny havako, ny namako, eny na ny olona tsy fantatro aza. Tsy manitra aho, raha mety aza heverinareo ho mampitombo raha milaza fa nanova tanteraka ny fijeriko ny andro kely sisa iainako eto an-tany ity hafatra ity. Mivavaka aho mba hataon'Andriamanitra toa ahy koa ianao anio. Sarotra ho ahy ny hampitombo ny mahazava-dehibe indrindra azy ity. Kristiana I Bill. Nanolo-tena ho an'i Kristy izy tamin'ny faha-16 taonany ary nahalala azy nandritry ny 32 taona. Nifindra tany California izy tamin'ny 1976 ary niangona 10 taona tao amin'ny fiangonana tandreman'i [Pasitera Chuck Smith](#) any Costa Mesa, California. I Bill sy ny vadiny dia samy mpanera trano. Izao 15 taona farany izao I Bill dia mpikambana ao amin'ny vondrom-bavaka [Eagles Nest](#) Teo ambany fitarihan'ny Dr. Gary Greenwald, tany Orange County California. Volana maromaro lasa izay, nisy mpitandrina tao amin'ny Eagles Nest antsoina hoe Raul tonga tao amin'i Bill ka nanao hoe : "Bill, Hanao fifohazam-panahy lehibe eto Amerika Andriamanitra. Izany dia hatombony amin'ny "Kansas City for America". Hirahiny any ianao ka mandehana. Tsy mbola taty Kansas City I Bill sy Annette hatrizay niainany. Ny ampitson'io dia nantsoiko an-tariby I Bill ka nataoko hoe: "Ianao ve afaka mankaty Kansas City? Nahita ny rakitsary nataonao aho, ka tokony ho aty ianao". Mino aho fa lahatra no mahaeto azy ireo izao.

Handre fahitana momba ny helo ianao, fa indrindra koa, handre fahitana ny fifandraisana akaiky amin'i Jesosy Kristy sy ny fitiavany izao tontolo izao. Tany amin'ny helo I Bill. Tsy mpanaramaso fotsiny toy ireo hafa rehetra efa tany, fa niaritra ny fampijaliana efa ho antsasakadiny ary tsy nanantena ho tafavoaka. Tia an'i Jesosy Kristy tokoa I Bill sy ny vadiny, manao ny asan'Andriamanitra, ary fatra-pankato ny fitarihan'ny fanahy masina. Mino aho fa ho tianareo izy ireo. Horaisintsika izao I Bill sy Annette Wiese.

*(Mandray fitenenana I Bill Wiese)*

Voninahitra ho ahy ny tonga eto. Nambinina tokoa izahay nandritry ny dia. Araky ny nolazain'i Hal teo dia miasa momba ny trano izahay. Tsy vola na ny fivelomanay no anaovanay izao. Ny hany fantatray dia

nirahin'Andriamanitra izahay hilaza amin'ny olona ny fitiavany sy ny amin'ny toeran-dratsy tsy tiany halehan'ny zava-tsoa noforoniny. Izay no mahaeto anay. Satria mandeha ny fotoana dia hofintimpintiniko ny zava-nitranga ka hiditra avy hatrany amin'ny vontoatiny aho.

Na izany aza anefa, tiako ihany ny hanipika zavatra 2: eritreritra mety ho ao aminareo. Ny fanontaniana hapetrako amiko raha mihaino ahy aho dia hoe: "*Ahoana no ilazanao fa tsy nofy ratsinao fotsiny izany?*" Zavatra 2 no amaliako azy: voalohany, niala ny vatako aho satria hitako nitsitra teo amin'ny tany izy rehefa niverina aho, Azoko antoka noho izany fa niaina ivelan'ny vatako aho tamin'io. Misy mpino manao hoe: "*ô! Tsy misy kristiana miala amin'ny vatany izany.*" Tsy marina, Ao amin'ny [2 kor 12:2](#), Rehefa nentina tany amin'ny lanitra fahatelo I Paoly dia hoy izy: "*na tao amin'ny tena, na tsy tao amin'ny tena, tsy fantatro,*" Tsy nahafantatra izy, midika izany fa azo heverina ny nivoahany ny vatany. Amin'ny andininy voalohany amin'io teny io izy dia miresaka fahitana, inoako fa fahitana no azo anakilasiona ny tranga niainako.

Hoy ny voasoratra ao amin'ny [Joba 7:14](#): "*Dia mampitahotra ahy amin'ny nofy Hianao Ary mampihorohoro ahy amin'ny tsindrimandry;*" Izay mihitsy no nataon'ny Tompo tamiko, nampihorohoro ahy tamin'ny alalan'ny fahitana izy.

Herin-taona taty aoriana vao tena niverina ny fitoniako ka lasa toy ny olon-drehetra indray aho. Nangorovitsika sy nihorohoro mafy noho ny tahotra aho, niova tanteraka ny fomba fijoroako vavolombelona, ary teo koa vao tsapako ny mahazava-dehibe indrindra ny namonjen'ny Tompo antsika.

Miangavy ny vadiko aho hiakatra ety hizara aminareo ny zava-nitranga rehefa nahita ahy tao amin'ny efitrano fandraisam-bahiny izy, Tsy nisy tsaroako mantsy io ampahany io, Aoka ianao mba hiteny kely. Misaotra betsaka.

*(Mandray fitenenana I Annette (Vadin' I Bill))*

Nifoha aho tokony ho tamin'ny 3:23 maraina. Tsaroako tsara satria nijery famantaranora aho, voamariko fa efa tsy teo akaikiko I Bill, ary nandre feo mikiakiaka mafy aho avy ao amin'ny efitrano fandraisam-bahiny. Nidina aho ka indro ny vadiko tsy toy ny fahitako azy hahtrizay. Ny mpifanerasera amin' I Bill dia mahalala fa mipirimpirina izy, olona tony, tsy mikorapaka. Izy tsy mba karazan'ireny olona be fihetseham-po na taitaitra ireny, raha tsy hoe rehefa manoloana ny voninahitr'Andriamanitra angaha. Fa tamin'io izy tena hitako natahotra, izany no tena hoe natahotra, Mininginingina eo amin'ny gorodona izy ka hazoniny amin'ny tanany roa ny lohany, sady mikiakiaka izy no miantsoantso. Tsy hitako izay natao, noheveriko ho tratry ny aretim-po izy. Nanomboka nivavaka aho fa izy kosa niantso mafy hoe: "*mivavaha hanalan'ny Tompo izany ao an-tsaiko! Nentin'ny Tompo tany amin'ny helo aho. Reko mihamaty ny vatako, tsy zakako intsony.*" Nanohy nivavaka ho azy aho noho izany, Nanomboka nitsahatra izy afaka 10 na 20 minitra teo. Tena natahotra fatratra izy, toy ny olona nandeha tany Vietnam na tratran'ny lozam-piarakodia ka miverina miaina izany ao anatiny; tsy mitovy mihitsy amin'ny olona avy nanonofy ratsy ka nifoha, izay no tiako hijoroana vavolombelona eto.

*(Mandray fitenenana indray I Bill Wiese)*

Sambatra aho manana vady sahaza, isaorako an'Andriamanitra lehibe izany. 4 taona izay no nivadianay, ary 6 taona no nahalalako azy. Io no fotoana mamy indrindra tamin'ny fiainako, dera ho an'Andriamanitra.

Rehefa niverina aho dia te-hahafantatra raha toa ka efa nisy olona niaina ny helo tao amin'ny baiboly. Ka nanao fikarohana. Matetika aho no mihaino an'i Chuck Missler, mpampianatra baiboly manerana ny firenena, Mahay tokoa, nolazainy fa tany amin'ny helo I Jona. Ny [Jona 2:3](#) dia milaza hoe "Tao anatin'ny fiainan-tsy hita no nitarainako." Ny [Jona 2:7](#) koa dia milaza hoe, "*Ny hidin'ny tany nanidy ahy mandrakizay; Nefa nampiakatra ny aiko avy tao andavaka Hianao.*" Farafaharatsiny izany mba nisy olona iray niaina ny helo ao anaty baiboly, Jona.

Te-hahafantatra koa aho, Satria moa ny tena nobeazina tamin'ny fotoana voalohany nisian'ny fiangonana Calvary Chapel, ny tsindrimandry na fahitana rehetra niainan'ny olona iray dia tokony ho efa voasoratra ao amin'ny tenin'Andriamanitra. Fantatro noho izany fa raha marina ny traikefa niainako dia tokony ho hita ao amin'ny baiboly. Nanao fikarohana aho ka nahita andinin-tsoratra masina mihoatra ny 400 mitantara ny zavatra hitako, reko, niainako, ny zava-drehetra momba ny helo. Izay rehetra hoteneniko eo dia efa voasoratra ao avokoa. Hitanisa vitsivitsy aminareo aho eo am-pitantarana, tsy ho vita mantsy raha izy 400. Izaho koa mahafantatra fa olona tokony ho 14 izay no efa niaina ny ampahany amin'ny helo. Ny ankamaroan'izy ireo dia olona eo ambavahaonan'ny fahafatesana. Olona any amin'ny hôpitaly miala aina na maty dia miverina indray.

Hofintiniko fohy aminareo ny zava-nitranga alohan'ny hidirako amin'ny tena foto-dresaka. Toy ny fanaonay dia nanatrika fiombonam-bavaka alahady hariva tarihin'i pasitera izahay sy madama, nody avy eo ka natory toy ny isanalina. Tokony ho tamin'ny 3 maraina dia nentina aho. Tsy fantatro hoe tamin'ny fomba ahoana no nahatongavako tany raha tsy rehefa niverina ka nohazavain'ny Tompo tamiko. Nalatsaka tanatina fonja aho, toy ireny fonja fahita ireny, rindrim-bato matevim-be sady bara-vy no hidim-baravarany. Tsy mbola fantatro teo izay nisy ahy fa tsaroako nandre nahamay aho, faran'izay nahamay. Tsy nino ny tenako ho mbola velona aho raha ny famaivain'ilay hafanana. Tokony ho efa nisaratsaraka ny vatako, nefa mbola velona soa aman-tsara aho. Mbola nazava teo nandritry ny fotoana fohy. Inoako fa ny tompo no nanazava mba hahitako tsara ny zava-nisy, fa afaka 1 minitra kosa dia tonga maizina tanteraka.

Hoy ny voasoratra ao amin'ny [Isaiah 24:22](#) : "*Dia hangonina ao an-davaka tahaka ny mpifatotra ireny ka hohidiana ao an-trano-maizina....*"  
[ohabolana 7:27](#) "*Ny tranony dia làlana mankany amin'ny fiainan-tsi- hita, [Heb. Sheola.] Eny midina ho any amin'ny efitranon'ny fahafatesana*".

Efitrano no dikan'ny fiainantsy hita eto. Ny ampahan'ny helo dia misy fonja, efitrano, lavaka, ary toerana lehibe feno afo; ao anatin'ny efitry ny fonja aho tamin'io fotoana io.

Ao amin'ny [Jona 2:7](#), "*Ny hidin'ny tany nanidy ahy mandrakizay....*"  
sy ny [Joba 17:16](#) "*Midina any amin'ny vavahadin'ny fiainan-tsi-hita izany...*"  
Voaporofa izany fa ny zava-drehetra hitako tany dia efa ao amin'ny Teny avokoa. Ny vato dia resahina ao amin'ny [Isaiah 14:19](#).

Tao anatin'ny efitry ny fonja aho, ary nisy zava-mananaina 4 niaraka tamiko tao. Tsy mbola fantatro hoe devoly izy ireo teo satria nandeha tany aho toy ny olona tsy voavonjy. Nesorin'Andriamanitra tanteraka tato an-saiko ny maha-kristiana ahy. Tsy fantatro ny antony fa nohazavainy tamiko rehefa niverina. Ireo zava-manana aina ireo dia tsy fantatro mihitsy hoe devoly. Lava mandondona izy ireo, tokony ho 3 m 65,

Amin'ity [video](#) ity misy. Ny iray amin'ireo olona nijoro vavolombelona dia efa nahita io devoly io koa. Hitanao eo amin'io video io ny endriny, tena mitovy, indrindra fa eo amin'ilay lehilahy iray taritina mankeo amin'ilay baravy ao amin'ny helo. Io dia fijoroana vavolombelon'I Kenneth Hagan's.

Misy kirany izy

rehetra.



Ny iray amin'izy ireo dia rakotra kiran-trondro manerana ny tenany, manana valanorano mankadiry sy nify lehibe izy ary lava hoho no sady lali-maso, goavambe tokoa. Ny iray hafa kosa tsy mitovy amin'io mihitsy, manana vombo maranitra toy ny hareza izy manerana ny vatany, sandry iray lava sy tongotra tsy mitovy. Mivaralila ny zava-drehetra eny aminy, tsy misy mitovy tantana, ny sandry iray lava, ny iray kosa fohy, mahatsiravina ny endriny, ratsy, ratsy aoka izany.

Niteny ratsy an'Andriamanitra izy ireo. Nanozona an'Andriamanitra tsy mitsahatra ka nanontany tena aho hoe: "*Fa nahoana no ozoniny Andriamanitra, nahoana izy ireo no mankahala fatratra azy?*" Nanomboka nijery ahy izy ireo, ary tsapako fa halany toa an'Andriamanitra koa aho. Dia hoy indray ny eritreritro: "*Tsy nisy na inona na inona nataoko azy ireo koa nahoana no halany aho.*" Tsy mbola nahita fankahalana toy izany aho hatrizay niainako; mihoatra lavitra noho ny fankahalan'ny olona ety. Tena tsy tian'izy ireo mihitsy aho, ary fantatro fa nomena fahefana hampijaly ahy izy ireo.

Misy zavatra hambarako eo izay tsy haiko hazavaina ny nahafantarako azy. Mihamitombo ny fahatsapanao zavatra any amin'ny helo, malady kokoa ny retsi-pandrenao rehetra any mihoatra amin'ny ety an'tany. Izaho nahafantatra ny halavirana, ny fotoana sns... mihoatra lavitra noho'ny tety. Fantatro fa niniana natao izany hampijaliana ahy mandrakizay ao amin'io toerana io.

Nivalampatra teo amin'ny gorodona aho ary tsapako fa tsy nisy hery intsony. Ary nanontany tena aho hoe: "*fa misy tsy mety angaha ao amin'ny tenako? Nahoana aho no zara raha afa-mihetsika?*" tsapako ho tsy nisy hery mihitsy aho ka tsy afa-nampitsangana ny tenako. Ary ny iray tamin'ireo devoly nandray ahy ka nanipy ahy teo amin'ny rindrina toy ireny vera hovakiana ireny, tsy nisy dikany taminy akory ny nanao izany. Tsy fantatro na izaho no diso maivana na izy no diso matanjaka fa natsipiny aho ka tapatapaka avokoa ny taolako rehetra ka nandre fanaintainana mafy tsy nisy toy izany aho. Rehefa lavo teo amin'ny tany aho dia niangavy fatratra famindram-po tamin'izy ireo saingy tsy mamindra fo mihitsy izany ireo zava-manan'aina ireo. Ny iray nibata ahy, ary ny iray hafa, ilay manana vombo maranitra toy ny fiharatra kosa nandrotidrotika ny nofoto tsy niraharaha mihitsy ity vatana namboarin'Andriamanitra tamin'ny fomba mahagaga. Henjana dia henjana ny fankahalan'izy ireo ahy. Nanontany tena aho hoe: "*Nahoana aho no mbola velona amin'izao zava-mahazo ahy izao? Tsy azoko mihitsy hoe nahoana aho*

no tsy mbola maty." Mihantona toy ny lamba ny nofotra, tsy misy rà na dia kely aza. Ao amin'ny rà ny fiainana, ary satria tsy misy fiainana any amin'ny helo dia nofotra mihantona fotsiny no eo. Tsy misy rano koa any.

Ny [Isaia 14:9-10](#) dia milaza fa:

*"Taitra ny fiainan-tsi-hita\* any ambany noho ny aminao mba hitsena anao amin'ny fiavianao; Mamoha ny matoatoa hitsena anao izy, dia ireny bibilahy\*\* rehetra tambonin'ny tany; Aingainy hiala amin'ny seza fiandrianana ny mpanjakan'ny firenena rehetra. Izy rehetra samy hiteny aminao hoe: Hay!!anao koa mba efa osa tahaka anay!Efa tonga tahaka anay ianao!"*

[salamo 88:4](#)

*"Natao ho isan'izay midina any an-davaka aho Ary efa tahaka izay tsy manan-kery;,"*

Isika mahafantatra fa matanjaka ny devoly. Toy izao no voalaza ao amin'ny [Mark 5:1-4](#) momba ilay lehilahy nitoeran'ny fanahy ratsy ka nonina tany am-pasana:

*"Ary tonga teny am-pitan'ny ranomasina tao amin'ny tanin'ny Gerasena izy ireo. Ary nony niala teo an-tsambokely izy, niaraka tamin'izay dia nisy lehilahy azom-panahy maloto nivoaka avy teny amin'ny fasana ka nifanena taminy; fa nitoetra tao amin'ny fasana izy; ary tsy nisy olona nahafatotra azy intsony na dia tamin'ny gadra aza. Fa efa nafatony matetika tamin'ny gadra, na ny tàmany, na ny tongony; nefa ny gadra tamin'ny tàmany notapahiny, ary ny gadra tamin'ny tongony notorotoroiny, ka tsy nisy olona nahafolaka azy."*

Io nefa olona misy fanahin-devoly fotsiny. Fantatro koa tany fa ireo devoly dia manana tanjaka 1000 heny mihoatra amin'ny an'ny olona. Ka na dia atao hoe nanana ny tanjako feno aza aho tamin'io dia tsy ho nahatohitra azy ireo mihitsy. Noho izany dia nanjakan'izy ireo tanteraka aho, izy ireo nefa tsy mamindra fo. Ny devoly no mifehy ny fiainanao any amin'ny helo.

Mahatsiravina tsy hay faritana ny fofona any amin'ny helo sy ny fofon'ireo devoly. Fofon'ireo may miampy solifara. Ny fofon'ireo devoly dia toy ny tatatra fivoahan-drano maimbo, fako misavovona, hena lo, lamokan'atody, ronono simba sy izay zavatra hafa rehetra ao an-tsainao, alaivo ireo rehetra ireo ka ampitomboy 1000 heny ary ataovy eo amin'ny oronao ka foföny, ho hitanao fa raha izao ianao no manao izany dia ho fatin'ny hasemporana avy hatrany. "Nahoana aho no mbola velona amin'izany fofondratsy dia ratsy izany?". Hoy aho nanontany tena. Averiko indray fa tsy afaka ny ho faty ianao fa tsy maintsy miaritra izany rehetra izany.

Ny fanaratsian'izy ireo an'Andriamanitra dia voalaza ao amin'ny [Ezekiela 22:26](#) "... ary tsiratsiraina ao aminy Aho"



*“Ny mpisorona dia mandika ny lalàko sy mandoto ny zavatra masina; tsy manavaka ny masina sy ny tsy masina izy, na mampiseho ny tsy fitovian'ny maloto sy ny madio, ary mitampi-maso tsy hijery ny Sabatako izy, ary tsiratsiraina ao aminy Aho.” Tsiratsiraina, izany hoe, ozonina sy haratsiana”.*

Ny fampahoriana ahy dia voasoratra ao amin'ny [Deutoronomia 32:22-24](#).

*“Fa arehitra ny afon'ny fahatezerako, Ka mandoro hatrany amin'ny fiainan-tsi-hita any ambany indrindra, Sady mandevona ny tany mbamin'ny vokatry ao aminy Ary mampirehitra ny fanambanin'ny tendrombohitra aza. Havangongoko aminy ny loza betsaka; Ary holaniko aminy ny zana-tsipikako. Hofezahin'ny mosary izy sady holanin'ny areti-mandripaka [Na: zava-mahamay.] Sy ny fandranganana mangidy; Ary nifim-biby no hampandehaniko aminy Jesorona dia anaran'ny Isiraely. Mbamin'ny poizin'ny biby mpikisaka amin'ny vovoka.”*

Ny [2 Samoela 22:6](#) dia milaza hoe:

*“Ny famatoran'ny fiainan-tsi-hita\* nihodidina tamiko, nisakana ahy ny fandriky ny fahafatesana.”*

Andinin-tsoratra masina mahaliana manokana ny ao amin'ny [Mikah 3:2](#) manambara ny fankahalan'ny filistina ny israelita: *“Dia hianareo izay mankahala ny tsara ka tia ny ratsy, izay manendaka ny hoditry ny olona sy ny nofony amin'ny taolany;”*

Izany no natao tamin'ireo jiosy tety an-tany, fa tolo-kevitra avy taiza ary izany, hoy ianao? Avy tany amin'ny helo, mazava ho azy, toy izany no ataon'ny devoly any.

Ary ny amin'ny famindram-po? Any am-paradisa irery ihany no misy famindram-po. Avy amin'Andriamanitra ny famindram-po, ary ny devoly dia tsy mahay mamindra fo izany na dia kely aza, manohitra izany tanteraka izy. [Salamo 36:5](#)

*“Jehovah ô, mipaka amin'ny lanitra ny famindram-ponao; mihatra amin'ny rahona ny fahamarinanao.”* Tsy hisy izany mihitsy any amin'ny helo.

Hoy ny mpanao salamo ao amin'ny [salamo 74:20](#):

*“Hevero ny fanekena; fa feno fonenan'ny fandozana ny fitoera-maizina amin'ny tany.”* Zava-doza ratsy sady feno fahoriana nefa tsy maintsy iainanao. Tsy maintsy iaretanao izany rehetra izany.

Andriamanitra nanao ny olona ho sokajy ambony indrindra amin'ny zava-noforoniny, ny devoly kosa ambany indrindra. Amin'ny maha-olona dia milofo miasa mafy isika hampivoatra ny fiainantsika, miezaka ho tonga amin'ny tsaratsara hatrany, mianatra... nefa rehefa any amin'ny helo dia feheziny ny devoly ny fiainanao. Aotra ny fari-pahalalan'ireo zava-manana aina ireo, izany no tena hoe bado. Tsy misy zavatra

hainy afa-tsy ny fankahalana an'Andriamanitra sy ny olona ary fampahoriana azy. Nefa izy ireo no mifehy ny fiainanao any, ary tsy misy azonao atao amin'izany.

Efa voasoratra ao amin'ny teny ihany koa ny fahafaham-baraka tsy maintsy iainanao. "Izy ireo no hifehy ny fiainako, ary tsy misy azoko atao hampijanonana izany.!" Hoy ny [Isaia 5:13-15](#)

*“Ary noho izany dia ho lasan-ko babo ny oloko noho ny tsi-fahalalany, Ary ny olona ambony ho mosarena, Ary ny valalabemandry ho main'ny hetaheta. Koa izany no mampitanatana vava ny fiainan-tsi-hita\* Hanao teli-moka an'i Jerosalema\*\*; Ary any no hivarinan'ny voninahiny sy ny fihahohahony ary ny tabatabany mbamin'izay mifalifaly ao aminy; Ary ny zanak'olombelona dia hatao mitanondrika, Ary ny olona haetry, Ary ny mason'ny miandranandrana dia haidina.”*

### [Isaiah 57:9-16](#)

*“Dia nivezivezy nankany amin'ny mpanjaka ianao nitondra\* diloilo, ary nataonao betsaka ny zava-manitrao, sady nampandehanina hatrany lavitra any ny irakao, ka nidina\*\* hatrany amin'ny fiainan-tsi-hita\*\*\* ianao; Noho ny halavitry ny nalehanao dia sasatra ianao, nefa ianao tsy niteny hoe: kivy aho izany! Nahazo aina ny tananao, ka dia tsy nahatsiaro reraka ianao. Ary iza no nahinao sy natahoranao, no dia nandainga ianao ka tsy nahatsiaro ahy na nandatsaka am-po? Moa tsy efa nangina va Aho hatrizay hatrizay? Ka dia tsy natahotra Ahy ianao? Izaho no hanambara ny fahamarinanao ary ny asanao dia tsy hahasoa anao. Raha mitaraina ianao, dia aoka ireo maronao no hamonjy anao, nefa hongahan'ny rivotra avokoa ireo sy ho lasan'ny tso-drivotra malemitemy aza; Fa izay mialoka amiko kosa no hanana ny tany sy handova ny tendrombohitro masina. Ary Izy hilaza hoe: Manandrata, eny, manandrata ka manamboara lalana, esory izay mahatafintohina eny amin'ny alehan'ny oloko, Fa izao no lazain'ny Iray avo sy manerinerina, izay monina mandrakizay, masina no anarany: Ao amin'ny fitoerana avo sy masina no onenako, ary ao amin'ny torotoro fo sy ny manetry tena, hamelombelona ny fanahin'ny manetry tena sy hamelombelona ny fon'ny torotoro fo; Fa tsy hifandahatra mandrakariva Aho ary tsy ho tezitra mandrakizay; Fandrao ho reraka eo anatrehako ny fanahy, dia ny aina\* izay nataoko.”*

### [Ezekiel 32:24](#)

*“Ao koa Elama mbamin'ny vahoakany maro be rehetra manodidina ny fasany; Voatrabaka izy rehetra, samy lavon'ny sabatra, ka tafidina tsy voafora ho any ambanin'ny tany, dia ireo nahatonga ny fahatahorana azy tany amin'ny tanin'ny velona, ary samy mitondra henatra miaraka amin'izay midina any an-davaka.”*

Zava-doza ny tsy maintsy hifehezan'ny zava-manana aina tsy manam-piantràna ny fiainanao;

*(Ny aizim-pito sy ny kiakiaka any amin'ny helo)*

Raha mbola nitsirara aho dia indro tonga maizina tsy nahita-mitsinjy tao anatin'ilay efitra., aizim-pito tsy

mbola hitako hatr'izay. Efa niditra lava-bato aho tany amin'ny toerana fitrandrahana vy any Arizona fa raha ny aizina any tsy ho voavinaninao akory. Niezaka niarina aho mba hivoaka ka tafavoaka tao, navelan'izy ireo raha ny marina. Tsaroako ny nisy ilay varavarana ka nihanika teo aminy aho Nitady lalana ary nivoaka. Natopiko ny masoko ka tsy nisy afa-tsy aizim-pito sy feon'olona maro mikiakiaka no reko, fantatro fa amin'1000 tapitrisany ny olona mikiakiaka mafy mankadilo sofina any. Asa raha efa nandre olona iray mikiakiaka ianao fa tena mandreraka, raha olona amin'1000 tapitrisa kosa no mikiakiaka dia eritrereto ny fiantraikany amin'ny sainao. Tsy zaka mihitsy, tampenanao ny sofinao satria sady faran'izay mafy ilay izy no toy ny miditra lalina any anatinao nefa tsy afaka ialanao.

Tsy mampino ny tahotra mameno anao, anjakan'ny tahotra ny zava-drehetra. Tsy misy fanatrehan'Andriamanitra any amin'io toerana io, noho izany dia tsy maintsy iaretanao ny tahotra, ny fampijaliana ary ny aizina. Tsy mahita na inona na inona ianao, eny fana dia izay zavatra tonga hampijaly anao aza. Ny Teny dia manambara momba an'io aizina io ao amin'ny [salamo 88:6](#)

*Efa nametraka ahy any an-davaka ambany indrindra Hianao, Ao amin'ny maizina, dia ao amin'ny lalina.*

#### [apokalipsy 16:10](#)

*“Ary ny fahadimy nampidina ny tao an-doviany tamin'ny seza fiandrianan'ilay bibidia; dia tonga maizina ny fanjakany, ary ny olona nitsakotsako ny lelany noho ny fanaintainana.”*

#### [Joda 1:13](#)

*“onjan-dranomasina mitopatopa mamorivory ny fahamenarany; kintana mifindrafindra, ka voatahiry ho azy mandrakizay ny fahamaintisan'ny maizina.”*

Misy aizina tsapa sy niainana hita ao amin'ny [eksodosy 10:21](#)

*“ARY hoy Jehovah tamin'i Mosesy: Ahinjiro manandrify ny lanitra ny tananao, mba hisy aizina amin'ny tany Egypta, dia aizina azo tsapaina.”* Tsapanao tanteraka io aizina io.

*(Ny tahotra any amin'ny helo)*

Henjana dia henjana ny tahotra any fa lazaiko aminareo. Mandrakotra anao tanteraka izy. Asa ianao raha efa nahita ireny horonantsary mampitsangam-bolo sy mampihoron-koditra ireny, ampitombo 1000 heny iny tahotrao iny ary ampitombo ny fotoana mandrakizay tsy maintsy hiainanao azy! Fantatro tsara ny atao hoe matahotra. Mpi “serf” aho fony mbola tanora. Indray andro, tena mbola kely aho tamin'izay, niserf tany Coco Florida izahay, nohodidinin'antsantsa maromaro aho, Tsitapitapitr'izay dia nisy antsantsa mankadiry iray, tokony ho 2 m 75, Nanaikitra ka nampiala ny antsasak'ilay hazo nitaingenako, Noraisiny tamin'ny ranjoko aho ka nosintoniny ho any ambany, mbola tsy mpino aho tamin'izany, talohan'ny nahavoavonjy ahy mantsy no nitrangan'io, nefa tampoka teo dia navelany aho. Fantatro fa Andriamanitra no namoha ny vavan'ilay antsantsa, fa ny tahotra tamin'io fotoana fohy io nila



hahafaty ahy. Asa ianareo raha efa nisy nahita ilay horonantsary Jaws, Tsy misy dikany ny tahotra ao anatin'ny raha ampitahaina amin'izay niainako loza mivantana. Tsy lavitra ahy, tokony ho in-2 mandingana miala eo amiko, nisy tovolahy iray izay azon'ny antsantsa ny ranjony ankavanana ka tapaka! Nosintonina hankenany amin'ny tora-pasika izy efa feno ra. Mikiakiaka mafy izy efa tsy misy tongotra ilany. Azoko tsara mihitsy ny atao hoe matahotra, fa izany rehetra izany tsy miteny raha oharina amin'ny tahotra tsapako tany amin'ny helo, tsy azo ampitahaina mihitsy! Ny tahotra tamin'ny izaho ilay saiky nohanin'ny antsantsa iny angamba no anisan'ny tahotra henjana indrindra afaka ho tsapantsika ety antany.

Izany no zavatra tsy maintsy hiaretana any amin'ny helo. Hoy ny voalaza ao amin'ny [Isaia 24:17-18](#):

*“Tahotra sy longoa ary fandrika no mahazo anao, ry mponina amin'ny tany. Ary izay mandositra noho ny fandrenesana ny tahotra dia ho latsaka any an-davak; ary izay miakatra avy ao anatin'ny lavaka dia ho voan'ny fandrika; fa misy varavarana mivoha any amin'ny avo, ary mihorohoro ny fanorenan'ny tany.”*

I Ted Koppel, raha nanao fanadihadiana tamin'ny fahita lavitra nantsoina hoe "Night Line" herin-taona sy tapany lasa izay, dia namangy fonja vitsivitsy teto amin'ny firenentsika ary nijanona tany mandritry ny alina. Tsy azo inoana, hoy izy, raha ny hamafin'ny tabataba tsy nampahita tory azy tany. Nolazainy koa fa tohina izy raha nandre ny kiakiaka tsy nitsahatra nandritry ny alina. Na amin'ny fonja ety an-tany aza toy izany ny kiakiaky ny olona, maika fa any amin'ny helo. Izao no voasoratra ao amin'ny [Joba 18:21](#) sy ny [Joba 18:14](#) : *“Izany tokoa no anjaran'ny ratsy fanahy, ary izany no manjo ny tsy mahalala an'Andriamanitra.”* *“Ongotana hiala amin'ny lainy ny zavatra itokiany, ka tsy maintsy ho entina ho amin'ilay mpanjaka mampahatahotra indrindra izy.”*

Mazava ho azy fa ny devoly no 'mpanjaka mampahatahotra indrindra'.

*(Tanàna  
a  
Haolo)*

Teo ivelan'ilay fonja aho, ary rehefa nijery dia indro nisy lelafo tokony ho 16 km miala ahy. Fantatro tsara ny halavirany. Teny ampita kosa, tokony ho 5 km avy teo amiko, nisy hantsana afo niredareda hatreny amin'ny faravodilanitra ary io no nahitako ny ampahany kely amin'ny helo.

Matevim-be ny aizina any ka mahatelina izay mety hohazavana. Kely dia kely no mba nahitako ny vodilanitra matroka sady toy ny tânana haolo any amin'ny tany efitra! Tsy misy ahi-maitso na iray aza, Tsy ahitana zavatra velona, tsy misy afa-tsy vato, zavona maloto matevina, lanitra mainty ary setroka. Niredareda be ilay afo ka izay no nahitako azy. Hoy ny voasoratra ao amin'ny [Deutoronomia 29:22](#)

*“fa ho solifara sy sira ary fahamaizana ny tany rehetra eo: tsy hofafazana izy, na hanirian-javatra, sady tsy hisy ahitra akory hitrebona ao, tahaka ny nandravana an'i Sodoma sy Gomora sy Adma ary Zeboima, izay noravan'i Jehovah tamin'ny fahavinirany sy ny fahatezerany.”*

Tsy misy aina mihitsy any amin'ny helo, ary hafahafa ny miaina amin-toerana tsy misy aina.Ety isika

mankafy hazo sy rivo-madio, fa any, maty avokoa.

*(hafanana)*

Mamaivay tsy hay lazaina ny hafanana any. Hoy ny voasoratra ao amin'ny [Deutoronomia 32:24](#)

*“Hofezahin'ny mosary izy sady holanin'ny areti-mandripaka [Na: zava-mahamay.] Sy ny fandranganana mangidy; Ary nifim-biby no hampandehaniko aminy Mbamin'ny poizin'ny biby mpikisaka amin'ny vovoka.”*

[Joda 1:7](#)

*“Ary toy izany koa, Sodoma sy Gomora mbamin'ny tanàna nanodidina azy, izay nijangajanga tahaka azy koa ka lasa nanaraka nofo hafa, dia aseho ho fananarana amin'ny iaretany fijaliana amin'ny afo maharitra mandrakizay.”*

[salamo 11:6](#)

*“Handatsaka fandrika amin'ny ratsy fanahy Izy tahaka ny fandatsaka ranonorana; afo sy solifara ary rivo-mahamay no ho anjara kapoakany.”*

Toy izany ny any amin'ny helo, tokony ho fatin'ny tanjaky ny afo ianao nefa tsy mety maty fa tsy maintsy miaritra izany rehetra izany hatrany! Te-hilamin-tsaina aho, te-hanalavitra ny kiakiaka ary te-hivoaka tany. Toy ireny olona lanaky ny tontolo andro nandrera ka te-hody hiala sasatra ny hariva, Mila fiadanana-tsaina ianao e! nefa tsy maintsy miaritra ny kiakiaka sy ny fampahoriana isankarazany ary tsy afaka hiala na oviana na oviana. Ny [Isaia 57:21](#) dia milaza hoe:

*“Tsy misy fiadanana ho an'ny ratsy fanahy, hoy Andriamanitra.”*

Mitanjaka koa ianao any amin'ny helo. Zavatra hafa tsy maintsy iaretanao koa ny henatra! Miresaka an'io henatra io ny [Ezeiela 32:24](#).

*“Ao koa Elama mbamin'ny vahoakany maro be rehetra manodidina ny fasany; Voatrabaka izy rehetra, samy lavon'ny sabatra, ka tafidina tsy voafora ho any ambanin'ny tany, dia ireo nahatonga ny fahatahorana azy tany amin'ny tanin'ny velona, ary samy mitondra henatra miaraka amin'izay midina any an-davaka.”*

Sy ny [Joba 26:6](#)

*“Ny Sheola miharihary eo anatrehany, ary ny fandranganana dia tsy mirakotra.”*

Midika izany fa mahita ny helo andriamanitra ka afaka manaramaso izay mitranga any. Tsy maintsy iainanao koa ny fiboridanana any.

*(Ny fahamainana)*

Tsy misy rano any amin'ny helo, tena tsy misy, tsy misy hamandoana eny amin'ny rivotra ary tsy ahitana rano mihitsy any, makina tanteraka! Maniry mafy piti-drano ianao, na dia iray monja aza. Tena toy ilay voalaza ao amin'ny [Lioka 16:23-24](#),

*“ary raha nijaly tao amin'ny fiainan-tsi-hita izy ka niandrindra, dia nahita an'i Abrahama teny lavitra eny sy Lazarosy teo an-tratran'ny. Ary izy niantso ka nanao hoe: Ry Abrahama raiko ô, mamindrà fo amiko, ka iraho Lazarosy mba hanoboka ny tendron'ny rantsan-tanany amin'ny rano mba hampangatsiaka ny lelako; fa fadiranovana aho eto anatin'ity lelafo ity.”*

Fa hoy Abrahama: Anaka, tsarovy fa... Nanohy niresaka momba ireo rahalahiny izy avy eo. Hamandoana azo avy amin'ny lohandrantsantanana atsoboka ao anaty rano, izay monja no niangaviany, Ho zava-dehibe taminy tokoa izany raha azony, piti-drano iray monja, nefa tsy ho azony mandrakizay, sarotra ny haminavina ny hamakinan'ny molotrao. Alaivo an-tsaina hoe manao hazakazaka lavitrezaka ianao ka misy hasy ao am-bavanao, mijanona ao mandritry ny 1 andro io hasy io, Dia eritrereto amin'izay hoe, mitohy tsy mitsahatra izany. Maina e! mila rano.

Fanambarana hafa azoko tamin'io teny io ny fisian'ny tevana lehibe ao amin'ny helo manelanelana azy amin'ny paradisa. Tazan'ilay mpanankarena lavitra dia lavitra I Abrahama. Ahoana, raha heverina aty amin'ny tontolo misy antsika, no nahafantarany an'i Abrahama sy Lazarosy? Voalohany, tsy mbola nifankahita izy sy Abrahama; fa ankoatr'izay sarotra ny hamantatra endrik'olona tazana lavitra. Izay no manaporofa fa misy zavatra hafa fantatrao any amin'ny helo. Fantatrao, araka izay efa nolazaiko, ny halalina, ny halavirana, sns...

Ary ny iray amin'ireo devoly nisintona ahy niditra tao amin'ilay fonja ka nanohy indray ireo fampijaliana tsy tiako hotantaraina akory, tsy te-hiaina izany intsony aho. Novakian'izy ireo ny karandohako. Ny iray tamin'izy ireo nandray ahy ka nanandrana namaky ny lohako. Nikiakiaka niangavy mafy famindram-po aho fa tsy nisy! Tamin'io fotoana io dia samy nandray iray amin'ireo ranjoko sy sandriko izy rehetra ka nifampisintona hanapaka azy. Ary hoy ny eritreritro: *"Tsy zakako izao, tsy tantiko!"*

*(Teo akaikin'ilay hantsana afo)*

Tampoka teo, nisy nandray ka namoaka ahy avy tao am-ponja. Ny tompo io fa tsy mbola fantatro teo. Tsahiviko fa toy ny olona tsy voavonjy aho tany ka tsy nisy fantatro ny amin'izany. Nalatsaka tany aho toy ny olona tsy mbola nanaiky ny Tompo. Natao teo anilan'ilay afo hitako aho. Nitsangana teo anilan'ilay lavak'afo teo ambanina lava-bato aho. Mankadiry ilay lava-bato ary misy tonelina mivoaka any ambony.

Hitako avy teo amin'ny nisy ahy tamin'ny lalan'ny lelafo, nisy olona marobe nikiakiaka, miangavy mafy famindram-po, may ao amin'io toerana io! Ary fantatro fa tsy te-ho eny aho. Mafy tena mafy ny niaretako, fa mbola henjana ny hirifiry ao amin'ny lelafo io. Miangavy hivoaka tao ireo olona ireo. Ary misy zava-manana aina goavambe maro milahatra manodidina ilay lavaka ka manosika ireo mitady hivoaka, ary tsy mamela azy ireo. Ary hoy ny eritreritro: *"Oh! Zava-doza, zava-doza, toeran-dratsy."*

Amin'ny fotoana iray ianao, sady noana no mangetaheta no lanaka, ary tsy matory. Te-hatory ianao toy ny ety an-tany. Mila miala sasatra ny vatanao. Ny [apok 14:11](#) dia milaza hoe,

*“ary ny setroky ny fijaliany dia miakatra mandrakizay mandrakizay; ary tsy manam-pitsaharana na andro na alina izy ...”*

Tsy matory mihitsy ianao, azonao an-tsaina angamba izany hoe tsy matory mihitsy.

Ny amin'ny rano, hoy ny [zakaria 9:11](#), *“...namoahako ny mpifatotrao avy tao an-davaka tsy misy rano.”* Tsy misy rano any amin'ny helo.

Fantatro fa ao afovoan'ny tany no misy ny helo. Ao no nametrahana azy. Fantatro koa fa tany ho any amin'ny 5600 km tany ambanin'ny tany aho. Fantantsika fa 12875 km ny savaivon'ny tany. Tokony ho 5600 km ny antsasany. Izaho tany ho any amin'ny 5600 km ambanin'ny tany. Hitantsika ao amin'ny [Efesiana 4:9](#) fa nidina tany amin'ny fanambanin'ny tany I Jesosy.

Ny [nomeria 16:32](#) dia manambara hoe:

*“eny, nisokatra ny tany ka nitelina azy sy ny ankohonany mbamin'ny olona rehetra izay an'i Kora ary ny fananany rehetra.”*

Fa aorian'ny fitsarana dia hatsipy amin'ny farihy mirehitra afo izy ka hariana any amin'ny aizina any ivelany, fa izao aloha izy mbola ao anivon'ny tany.

*(Ireo devoly)*

Teo anilan'ilay lavak'afo aho, ary hitako ireo devoly maro araka ny karazany, ny habeny ary ny endriny avy mitombandavana manaraka ilay rindrina, ratsy izy ireo sady hafahafa ny endriny, azonao an-tsaina angamba. Mivaralila ny endriny, misompirapirana hafahafa, misy kely ary misy lehibe. Nisy hala goavambe mirefy 1m 50 ny sasany. Niihany koa voao, bibilava, kankana, satria ny baiboly dia milaza kankana izay ho firakotr'izy ireo ([Isaiah 14:11](#)). Maro ireo karazan-java-manana aina ratsy mifatotra amin'ny rindrina. Nanontany tena aho: *“Nahoana izy ireo no mifatotra amin'ny rindrina?”* Tsy fantatro teo ny antony, nefa misy teny manambara izany ao amin'ny [joda 1:6](#),

*“Ary ny anjely izay tsy nitana ny anjara-fanapahany, fa nandao ny fonenany, dia voahazony amin'ny fatorana mandrakizay ao amin'ny maizina ho amin'ny andro fitsarana lehibe;”*

Ireo angamba ilay hitako, tsy fantatro aloha fa izay no fahitako azy. Faly aho satria tsy tiako hanatona ahy izy ireo. Halany tanteraka aho! Tsy azoko koa ny anton'io, zava-manana aina izy ireo, ary feno fankahalana ny olona. Izany indrindra no nahafaly ahy raha nahita azy ireo nifatotra tamin'ny rindrina.



Nanomboka nanalavitra ilay afo aho ary niakatra tamin'ilay tonelina. Nihamaizina ny lalana nefa hitako ihany ireo devoly matanjaka dia matanjaka. Ary hoy aho anakam-po: *"Iza no afaka handresy ireo, tsy misy haharesy azy."* Ny tahotra amin'io mameno ahy mila tsy ho zakako.

*(Tsy misy fanantenana)*

Ny zava-dratsy indrindra any amin'ny helo, ratsy, ratsy lavitra noho ireo fampahoriana dia ny nahafantarako fa misy fiainana eto an-tany. Ary ny ankamaroan'ny olona aty dia tsy mahafantatra akory na ny fisian'io toerana io any ambany aza! Tsy fantany ny fisian'io toerana io sy ny fijalian'ny olona amantapitrisany maro mijaly ao miangavy famindram-po ho afaka hivoaka. Nefa tsy misy hevitra intsony ny hivoahany ao ka manamelo-tena fatratra noho ny tsy nandraisany an'I Jesosy Kristy, mihidy any mandrakizay izy ireo.

Ny tsy fananany fanantenana intsony ho tafavoaka tany, io no zava-dratsy indrindra any. Tsapako izany tany. Azoko tsara izany hoe mandrakizay. Tsy dia mazava tsara amintsika izy io ety an-tany. Fa tany kosa, nazava tsara tamiko, fantatro fa hihidy any mandrakizay aho ary tsy ho tafavoaka intsony. Nieritreritra ny vadiko aho. Tsy hahita azy intsony! Milaza aminy foana mantsy aho raha sendra sarahin'ny horohorontany na zava-doza hafa izahay roa, "Tsy maintsy hitako ianao, hoy aho taminy, ary tsy maintsy tonga any aminao aho raha sendra misy fisarahana tampoka" "Nefa aho teto tsy afaka ho any aminy mihitsy, ary tsy hahita azy intsony. Tsy ho azony veroka mihitsy izay misy ahy, ary izaho koa tsy ho afaka hiresaka aminy intsony intsony. Niasa mafy ny saiko nandinika izany! Tsy hahita sy hiresaka aminy intsony noho izaho tsy manantena ho tafavoaka tany, ary izy tsy hahafantatra velively izay misy ahy! Azonao angamba, tsy tafala tany ianao na oviana na oviana! Ety an-tany ianao mbola manam-panantenana foana. Na ny olona tany amin'ny "camp de concentration" aza mbola nanam-panantenana ho tafavoaka, na farafaharatsiny ho faty hitsaharan'ny fahoriana. Fa tsy mbola niainantsika izany hoe tena tsy misy hevitra intsony. Hoy ny ambara ao amin'ny [Isaiah 38:18](#),

*"...Fa izay midina any an-davaka dia tsy mahazo manantena ny fahamarinanao."*

Tsy misy fanantenana, I Jesosy no fahamarinana, izy dia izy.

*(Nitranga I Jesosy)*

Niakatra ilay tonelina aho, mbola very fanantenana sady matahotra mafy ireo devoly. Tampoka teo, tsy hitahitako akory dia indro I Jesosy, deraina ianao ry Tompo, niseho izy. Tonga feno hazavana ilay toerana. Ny endriny fotsiny no hitako, toy ny endrik'olombelona. Tsy hitako ny tarehiny noho ny hazavana be loatra, ny hany hitako dia ny endriny. Tafandohalika avy hatrany aho ary nianjera. Tsy nisy azoko natao afa-tsy ny nidera sy nisaotra azy. Olom-berny mandrakizay aho 1 segondra talohan'io nefa teo dia avotra satria efa nahalala an'I Jesosy. Tsy tafavoaka tao intsony ireo olon-kafa fa izaho kosa afaka satria efa voavonjy. Fantatro sy tsapako fa tsy misy fomba hahafahana miala tany afa-tsy amin'ny alalan'I Jesosy. Izy irery ihany no tsy hidiranao any amin'io toerana io.

Hoy I Jaona ao amin'ny [Apok 1:17](#), lavo niankohoka tahaka ny maty teo anoloan'ny tongony. Fa izy nanendry ahy tamin'ny tany ankavanana ka nanao hoe: Aza matahotra; Izaho no Voalohany sy Farany... Toy izany indrindra no nahazo ahy, niankohoka to any maty teo amin'ny tongony. Ianao angamba mihevitra fa nametraka fanontaniana maro dia maro taminy aho, fa rehefa tena eo ianao dia tsy misy vitanao afa-tsy ny midera ny anarany masina sy misaotra azy noho ny namonjeny antsika.

Rehefa niverina ny fitoniako ka mba efa afaka nanomboka nandini-javatra dia nihevitra hanontany ny Tompo, Tsy niteny akory aho fa nieritreritra tao ampoko ka hoy aho, "*Nahoana ry Tompo no nalefanao tany amin'io toerana io aho?Nahoana?*" Fa hoy ny navaliny: "Satria tsy mino ny fisian'io toerana io ny olona." Ary hoy ihany izy: "***Eny fa na ny oloko aza tsy mino fa tena misy io toerana io.***" Nanaitra ahy io fanambarany io, nihevitra aho fa rehefa kristiana dia tokony mino ny helo; maro nefa kay ireo kristiana tsy mino ny maha afo mandoro ny helo. Ary hoy indray aho taminy: "*Fa nahoana no izaho?*" Fa izy tsy namaly io fanontaniako io.

Tsy fantatro ny nifidianany ahy ho any.Izaho angamba no olona tsy tokony handeha any indrindra. Izahay mivady tsy misy tia horonantsary mampatahotra, tsy tia zava-dratsy. Na ny andro mafana toy ny amin'ny fahavaratra aza efa tsy tiako.Ny any ratsy, tsy misy filaminana, maharikoriko Nefa izaho tia zavatra milamina sy mipirina tsara. Tsy novaliany aho fa hoy fotsiny izy: "***Teneno izy ireo fa halako io toerana io, tsy maniry mihitsy aho ny handehanan'ireo zavatsoa noforoniko ho any, na dia ny iray monja aminy aza! Tsy ny olona no namboarako azy io fa I satana sy ny anjeliny.Teneno izy ireo.Nomeko vava ianao ka mitenena.***"

Fa hoy aho anakam-po: "*Tsy hino ahy izy ireo ry Tompo, hoheverin'izy ireo ho lasa adala aho na nanonofy ratsy.*" Sa ahoana hoy ianao? Raha mbola nieritreritra izany aho dia hoy izy namaly tato anatiko: "***Tsy anjaranao ny mandresy lahatra azy ireo, asan'ny fanahy masina izany.Miteny fotsiny no ataonao!***". "*Ekena, marina izany, hoteneniko izy ireo*".Tsy tokony hampanahy na hampatahotra anao izay filazan'ny olona, mamita ny iraka fotsiny ianao dia avelao Andriamanitra hanao ny sisa.Amen. Ary hoy aho: "*Nahoana izy ireo ry Tompo no mankahala ahy tsy misy toy izany?Tena tsy tiany ny olona, fa nahoana?*" Ary hoy izy: "***Satria ianareo namboarina tahaka ny endriko, ary halany aho.***" Hitanareo, Tsy misy azon'ny devoly atao amin'Andriamanitra, tsy afaka manao ratsy azy izy fa kosa afaka manisy ratsy ireo zava-noforoniny, izay no amitahany ny olona ho any amin'ny helo sy andefasany areti-mandringana aminy, ataony Izay azony atao hampijaliana ireo zava-noforoniny.

*(Ny fiadanan'Andriamanitra)*

Ary novontosan'Andriamanitra ny eritreriny aho.Navelany hikasika ny ampahan'ny fony aho hahatsapako ny fitiavany ny olombelona. Tsy mampino, tsy vitako ny nandray azy fa sady ambony no feno tanteraka. Raha ny vatantsika olombelona tsy hahazaka hanam-pitiavana toy ny itiavany antsika. Tiantika fatratra ny vady aman-janatsika, nefa izany tsy azo ampitahaina velively amin'ny fitiavany antsika. Mihoatra lavitra ny fitiavantsika sy ny fahafahantsika mitia ny azy. Tena toy izay lazainy ao amin'ny [Ef 3:19](#) "... ary hahalala ny fitiavan'i Kristy, izay mihoatra noho ny fahalalana, mba hamenoana anareo ho amin'ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra...."Mihoatra lavitra nohon'ny fahalalan'ny olombelona, Tsy voavinaninao mihitsy. Sarotra eritreretina ny fitiavany ny olombelona ka nahatonga azy ho faty mba tsy hahatonga na dia olona iray aza ho ao amin'io toerana io. Mankarary fatratra ny fony ny mahita na dia zava-noforoniny iray aza mankany. Ory mafy ny Tompo ka mitomany rehefa mahita izany, ary nalahelo mafy azy aho.

Tsapako tsara ny tao am-pony satria navelany hokasihiko ny sombim-pony.Ory aoka izany izy mahita ireo zava-tsoa noforoniny lasa any. Noho izany dia tapakevitra aho fa hijoro hatramin'ny farafofonaiko ka hanambara amin'izao tontolo izao ny amin'I Jesosy sy ny hatsarany.Manana ny filazantsara isika, vaovao tena mahafaly izy io nefa tsy fantatr'izao tontolo izao ka tsy maintsy ambara aminy! Aoka hozaraintsika ny fahalalana ananantsika fa tsy ampy fahalalana ny ankabeazan'ny olona ao amin'io toerana io. Tian'Andriamanitra indrindra raha ambarantsika ny hatsarany sy ny tsy fitiavany io toerana io.

Ary hoy koa izy tamiko : "**Ho avy tsy ho ela aho**" Naveriny indray: "**Ilazao izy ireo fa efa kely sisa dia ho avy aho.**" Iza aho vao mieritreritra ny tsy nanontaniako azy hoe: "*Inona Tompo no tianao hambara amin'ny hoe 'efa kely dia kely'? Hafiriana?* Toy izany ny fieritreritsika, nefa tsy nanontany azy aho. Tsy tao an-dohako mihitsy ny hanontany azy izany tamin'io. Ny hany zavatra tianao hatao dia ny hidera azy. Tsy hay hazavaina ny fiadananao rehefa eo anilany. Efa tao amin'ireny fiderana feno hosotra ireny aho fa tsy mitaha mihitsy amin'ny fifaliako teo akaikiny.

Ary nitraka aho ka indro ireo devoly masiaka dia masiaka eo amin'ny rindrina nefa mitovy amin'ny vitsika, tena vitsika! Ngeza ihany ry zareo fa raha mitaha amin'ny herin'Andriamanitra mpamorona teo akaikiko dia toy ny vitsika teo amin'ny rindrina. Tany foana ny eritreritro ka hoy aho: "*Tompo ô! vitsika!*" Ary hoy izy: "**Afatory izy, ary roahy amin'ny anarako.**" Ary hoy ny eritreritro "*wow, endre izany fahefana omeny ny fiangonana.*" Masiaka izy ireo, tsy misy dikany aminy isika raha tsy noho ny herin' Jesosy, Tsinontsinona izy ireo aminy! Nanomboka nisy fahasahiana tato anatiko, vao mahita azy ireo aho dia te-hanao hoe: "E! *Ny zava-manana aina nampijaly ahy, avia rotidroteho amin'izay aho! 'ndao!*" Tsy fantatro na nipoitra indray ny mahaolona ara-nofo ahy na ahoana fa hoy aho: "*Jesosy! Alaivo ireo.*"

*(Ny nandaozana ny helo)*

Nandao ny helo izahay ka somary niakatra nankeny amin'ny habakabaka hivoahana ilay tonelina. Vetivety dia tsy hitako intsony ilay izy fa lasa toy ny tanatina tadio lehibe izahay. Niakatra hatrany izahay mba hialana aminy. Rehefa tonga teo amin'ny faratampony izahay dia nijery ny tany aho, ary hitako ny halehibeny sy ny endriny. Mahafinaritra ny mijery ny tany avy eny! Fantatro fa ny Tompo no namela ahy hanao izany, azony natao ny nivoaka io tonelina io amin'ny fomba izay tiany. Fantany fa fony mbola kely aho dia nieritreritra foana ny mety ho endriky ny tany avy eny amin'ny habakabaka. Asa na noho ny fijereko "Star Trek" be loatra tamin'izany na ahoana? Nieritreritra aho fa mety ho tsarabe ny mijery ny tany mitsingevana araka ny voalazan'ny baiboly ao amin'ny [Job 26:7](#),

*"Mamelatra ny lanitra avaratra ho eny ambonin'ny habakabaka Izy Ary manantona ny tany amin'ny tsy misy."*

Eo ampijerena ianao dia mandeha ny eritreritrao: "*Inona ary no mihazona an'io, ary inona no mampihodina azy? Andriamanitra?*" Mahafinaritra aoka izany ny heriny nandrakotra ahy. Avo dia avo ny fahefany. Izy no mifehy ny zava-drehetra hatramin'ny bitika indrindra. Tsy misy singam-bolonao milatsaka ka tsy fantany. Tsy misy na vorona iray aza mianjera ka tsy fantany. Nameno ny eritreritro izany rehetra izany. Feno tanteraka ny fahefany, ary nampitolagaga ahy izany. Misy andinin-tsoratra masina ao amin'ny [Isaiah 40:22](#) milaza fa ny Tompo dia mipetraka eo amin'ny faribolan'ny tany. Ary teo aho tamin'io fotoana io. Lasa lavitra aza ny eritreritro hoe: "*Fa nahoana ry Tompo, raha namaky io andinin-teny io ny olona, no tsy nahalala fa boribory ny tany raha tsy tamin'ny andron'ny Christophe Colomb?*" Tamin'izany mantsy ny olona nihevitra azy ho fisaka.

Eny e, nidina izahay ary nanavatsava ny "couche d'ozone" izay manodidina ny tany; fantatro, tena fantatro fa ny "couche d'ozone" io nandalovanay io. Niaraka tamin'Andriamanitra aho tamin'io nefa hoy ny eritreritro adaladala: "*Fomba ahoana izao no hidiranay eo?*" Rehefa mandeha sambon-danitra mantsy tsy maintsy fidiana tsara ny faritra hidirana raha tsy te-ho kila firehitra. Nefa tsy nisy olana taminay ny nandalo teo! Inoako fa nanome antoka ny fijeriny, toy ny milaza hoe "Vitako io". Hoy ny voasoratra ao amin'ny [Psalm 47:9](#):

*... Ny mpanapaka ny firenen-tsamy hafa miangona ho olon'Andriamanitr'i Abrahama; fa an'Andriamanitra ny ampingan'ny tany; Avo indrindra Izy....*

Izy no mifehy ny rehetra, ny rehetra e!. Tsy tiako handao ahy izy, tiako hijanona eo amiko ny fanatrehanay. Mafy dia mafy ny fandehanay ka tsy ela dia tonga tany California izahay, ary tonga tao an-trano. Nijery aho ka hitako avy teo an-tafontrano ny vatako mivalambatra eo amin'ny gorodona. Taitra mafy aho noho izany ka hoy ny eritreritro: "*Tsia an! Tsy izaho io, ity aho!*" Ianao angamba mbola tsy nahita roa aminao izany. Indro aho mitsitra eo ambany ary hoy aho: "*Tsy tena izaho io.*" Ary nahatonga saina ahy mafy ilay tenin'i paoly ao amin'ny, fa monina amin'ny tranolay fotsiny isika ([2 Corinthians 5:1](#)). Ary hoy ny eritreritro "*Tsinontsinona io, tranolay andalovana fotsiny, ity no tena izy.*" Izay no tena atao hoe mandrakizay. Ny fiainana izay tandrovantsika mafy ety antany dia tsinontsinona fa entona fotsiny araka ny voalaza ao amin'ny [James 4:14](#). Fohy dia fohy ny fiainana eto an-tany, zato taona monja raha maharitra indrindra, tsy misy dikany fa toy ny entona mandala!. Ary nanao anakam-po aho hoe: "*Tsy aleo ve miaina araka an'Andriamanitra, Izay ataonao izao dia misy fiantraikany amin'ny mandrakizainao.*" Tsy maintsy mijoro isika, tsy maintsy mitory amin'ireo fanahy very. Tsy tokony intsony isika handany andro amin'ireo zava-tsy misy fotony ifantohan'ny saintsika ka mamatotra antsika. Mila tena mandeha mitory ny filazantsara isika satria mandeha faran'izay haingana ny fotoana."

Ny fahitako ny vatako teo ambany dia toy ny fiara izay hiondrananaindray rehefa avy nialana. Tsy ianao io fa ny fiaranao mitondra anao mivezivezy ety an-tany. Toy izay no fahitako azy. Fa ity no tena izaho. Ary hoy aho, "*Tompo ô! Aza mandeha, aza mandeha. Mbola te-hiaraka aminao fotoana fohy aho.*" Fa lasa izy. Ary niverina tao amin'ny vatako aho toy ny nisy nampiditra avy teo amin'ny oroko na ny vavako.

Ary rehefa tena lasa izy dia tsaroako avokoa ireo horohoro sy fampijaliana ahy! Fa voasoratra ao amin'ny [1 John 4:18](#), "*Tsy manan-tahotra ny fitiavana; fa ny fitiavana tanteraka mandroaka ny tahotra; fa mampahory ny tahotra. Fa izay matahotra dia tsy mbola tanteraka amin'ny fitiavana*". Ary satria aho teo anilan'ny fitiavana mahery indrindra dia tsy nanana ahiahy, fa rehefa tena lasa izy vao niverina tao an-tsaiko avokoa ireo tahotra sy horohoron'ny helo. Tsy zakako, tena tsy zakako! Nikiakiaka tolokom-pahafatesana aho. Tsy tantin'ny vatako ny miaina azy. Fantatro fa ny tenantsika tsy hahazaka mihitsy io karazan-tahotra io. Tsy ampy hery ny vatanao hiaina izany. Tamin'io aho ilay nivavaka, ary afaka nivavaka, "*Esory ao an-tsaiko!*"

Raha ny tena izy ety amin'izao tontolo izao dia tsy maintsy nanatona manam-pahaizana manokana aho hiverenan'ny fitoniako, fa Andriamanitra nanala ny horohoro teo noho eo, najanony ny fahatsiarovana fa nesoriny kosa ny tahotra sy ny horohoro. Isaorako azy amin'ny fo indrindra izany.

Taorian'io dia maro ny zava-nitranga, Tiako indrindra isika raha nanam-potoana hitantarana amin'ny antsipirihany izay efa nolazain'Andriamanitra hitranga amiko.

Raha misy olona eto androany tsy mbola mahalala ny Tompo, Manontania tena ianao ka lazao hoe: "*Azo inoana ve ireny olona ireny? Marina tokoa ve izay lazainy fa hitany?*" Fa indrindra indrindra: Inona no lazain'ny tenin'Andriamanitra ny amin'ny helo? Havelanao handalo ve izao ka hoy ianao: "*Tsia! Tsy mino izany rehetra izany aho, tsy inoako izay lazain'ireny olona ireny.*" Tsy asianao antony na ny tenin'Andriamanitra na izahay miezaka milaza aminao ny marina. Tianao hanaraka anao hatrany amin'ny mandrakizainao ve izao fotoana izao? Hadalana tanteraka aloha izany amiko. Aza avela hamitaka anao

ny devoly. Hitanao ilay zava-manana aina goavambe mihomehy any amin'ny faran'ilay video. *Toy ireny no hataony raha lasa any amin'ny helo aianao.* Hihomehy izy satria nanam-potoana ianao nandraisana ny Tompo nefa navelanao amin'izao. Nefa rehefa any ianao dia tsy afaka hiverina intsony. Tena tsy misy hevitra intsony fa very any mandrakizay ianao.

Hoy angamba ianao hoe: "*Tsy mendrika ho any amin'izany toerana izany aho, toa mba olona tsara ihany mantsy*". Ary mety ho tsara fanahy tokoa ianao miohatra amin'ny ankamaroan'ny olona. Tsy olona no tokony hampitahanao ny tenanao fa ny fenitr'Andriamanitra. Ambony lavitra ny azy mihoatra amin'ny antsika. Hoy mantsy izy ao amin'ny teny hoe, raha efa nandainga indray mandeha ianao, na dia indray mandeha monja aza tamin'ny fiainanao dia efa mpandainga. Raha efa nangalatra zavatra iray ianao tamin'ny fiainanao, vy fihazonana taratasy, na 2 minitra tamin'ny fotoan'ny sefonao, na inona na inona, na indray mandeha monja aza dia efa mpangalatra. Raha tezitra tamin'ny tsy antony ianao, raha tsy namela izay nanisy ratsy anao, raha efa nitsiriritra vehivavy, Izany rehetra izany, raha efa nataonao indray mandeha tamin'ny fiainanao dia efa mpanota no anaranao ary tsy ho any am-paradisa. Hitanao amin'izany fa efa nanota avokoa isika rehetra, ary tsy hahatonga antsika any an-danitra mihitsy raha ny asantsika. Ny [titosy 3:5](#) dia milaza hoe:

*Dia tsy avy tamin'ny asa amin'ny fahamarinana izay nataontsika, fa araka ny famindrampo kosa no namonjeny antsika, tamin'ny fanasan'ny fiterahana indray sy ny fanavaozan'ny Fanahy Masina...amen,* Miankina amin'ny fampitahanao io. Toy ny vehivavy iray nahita andian'ondry teo antampon-kavoana, Tsara sy fotsy ireo ondry mihoatra amin'ilay havoana. Ary hoy ravehivavy: "*Jereo, tsara tarehy ireto ondry, fotsy mangatsakatsaka.*" Natory izy ny alina, ary tonga ny fanala, rehefa nojereny ny maraina dia indro ireo ondry nihamatroka toa nivolon-davenona mihoatra amin'ny fangatsakatsaky ny oram-panala. Ny fenitr'Andriamanitra no tokony hanaovantsika fampitahana satria ambony lavitra miohatra amin'ny antsika. Izany indrindra no ilantsika mpamonjy fa tsy ho vitantsika amin'ny herintsika ny ho any. Nomen'Andriamanitra antsika maimaim-poana izany. Hoy izy ao amin'ny [jaona 14:6](#), "*Hoy Jesosy taminy: Izaho no làlana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalak*". Izy irery ihany no làlana.

Raha misy aminareo ireo tsy mbola mahalala ny Tompo, tsy mbola nandray azy ho Tompo sy mpamonjy ny fiainany. Tsy mbola nisy fotoana tena niantoanao azy tamin'ny molotrao ho Tompo sy mpamonjy anao. Mitsangàna azafady, raha misy eto, mitsangàna tompoko, ho an'i Jesosy? Aza avela haneso anao ny devoly, ilay zava-manana aina iny. Mitsangàna dieny mbola misy ny fotoana, tsy fantantsika mantsy izay mbola hitranga. Tsy fantatrao na ho faty rahampitso ianao ka ho lasa any amin'io toerana io.

Lazaiko anao fana ny hafanana fotsiny aza tsy azo iainana any amin'io toerana io. Hitantsika angamba ireo olona nitsambikina avy tao ambonin'ireo tranobe roa tao New York. Nifandray tànana izy ireo ary nitsambikina. Henjana an!. Asa ianao raha efa nijery taty ambany avy any ambony rihana avobe, Tsy azo eritreretina ny hitsambikinanao eo. Nefa izy ireo tsy maintsy nitsoaka ilay hafanana, 5 segondra fotsiny aza izany, nefa mety ho nahalavenona azy ireo, 2000°F ny hafanana tamin'io. Milaza ny manampahaizana fa any ho any amin'ny 12000°F ny hafanana ao afovoan'ny tany. Izany no tsy maintsy iaretanao mandrakizay. Hadalana tsy roa aman-tany ny anao raha te-hiaritra izany. Izao no fotoana....

*(Ny mpanentana)*



Mazava tsara ny ambaran'ny baiboly, mpanota avokoa isika rehetra. Fana iza na iza miantso ny anaran'I Jesosy dia hovanjena. Hoy Jesosy, Raha manaiky ahy eo anatrehan'ny olona ianao dia mba hekeko koa ny anaranao eo anatrehan'ny Raiko sy ireo anjely masina. Raha toa kosa ka mandà ahy ianao eo imason'ny olona dia holaviko koa eo imason'ny Raiko. Miangavy anao aho. Raha mbola tsy nanambara ny mahampamonjy anao an'I Jesosy kristy teo imason'olona maro ianao, ka nanaiky azy ho tompon'ny fiainanao, raha tsy mbola azonao antoka fa ny paradisa no ho fonenanao mandrakizay, Tsarovy fa nihantona tamin-kenatra teo amin'ny hazo fijaliana teo antsena I Jesosy, Ho anao no anton'izany, Izy no nitafy ny henatrao.

Raha ataonao amin'ny fonao lalina izao vavaka izao dia hovanjen'Andriamanitra ny fanahinao, Ary tsy ho ela dia homeny fahafahana hanambara azy ampahibemaso ianao. 'Ndeha hivavaka, indrindra isika ato amin'ny "congregation". **"Andriamanitra ô! Mino anao aho. Ianao no namorona ahy. Mpanota aho. Nanota tamin'ny lafiny maro na antsitrabo na tsy niniako. Efa lavo aho, ary tsy tanteraka. Maloton'ny ota aho. Jesosy ô! Mino anao aho. Ianao ilay zanak-Andriamanitra mandrakizay. Ianao ilay zanakondrin'Andriamanitra manala ny fahotan'izao tontolo izao sy manala ny fahotako. Mino aho fa maty teo amin'ny hazo fijaliana ianao, nandrarako ny ranao tsy manantsiny ho an'ny fanahiko meloka. Mino aho fa nalevina ianao, ary nitsangana tamin'ny andro faha-3. Velona mandrakizay ianao, Tompoko sy mpamonjiko, atolotro anao ny fiainako. Ho tia sy hanompo anao aho mandritry ny androko sisa. Anao aho, ny tsara amiko, ny ratsy amiko, ny mahampanota ahy, Ny vinavinako, ny nofiko, homeko anao avokoa. Ho to amiko anie ny sitraponao. Mino aho fa voavonjy, tsy noho ny asa tsara nataoko fa noho ny finoako sy fahatokisako anao. Amin'ny anaran'I Jesosy. Amen."**

>>>> Tehaka mafy sady naharitra <<<<<

Izay mihitsy no nandrasana. Ny baiboly milaza fa ny mpanota iray mibebaka no mahatonga fifaliana lehibe indrindra any an-danitra. Ary ilay tehaka teo dia ampahany kely monja amin'ny fifaliana any an-danitra noho izay vao avy nataonao. Te-hiresaka aminareo ambiny aho ary hofaranako amin'izay. Te-handefa antso manokana aminareo aho, sambatra isika nandre an-drahalahy Bill nitantara ny zavaniainany. Fanamby lehibe no apetrako eo anoloanao, mampitandrina sahady aho, aza ekena raha tsy efa misy asan'ny fanahy amin'ny fiainanao. Tsy mampatahotra aho akory fa milaza fotsy ny tsy tokony hanaovanao ity fanekena ity raha tsy tena hataonao ilay izy, Mizara roa izy ity: Voalohany: Tsy hatahotra hifanatrika amin'olona intsony aho. Isika tsy maitsy miaina toy ny kristianina mahalala ny fisian'ny lanitra sy ny helo. Tsy hatahotra olona intsony. Faharoa: Hiresaka ny momba an'I Jesosy amin'izay olona rehetra hitako aho. Lehibe tokoa izany voady izany. Ireo olom-pantatro rehetra nahatarika olona ho an'I Kristy dia nanao io voady 2 io avokoa. Tsy hitako izay ifandraisana amin'olona raha tsy hilaza ny voninahitry ny filazantsara mahavonjy ny fanahy amin'ny helo. Heloka ara-panahy raha mahafantatra olona ianao, mifampiresaka aminy, miara-miala voly aminy, mankafy n yeo anilany, Nefa tsy miteny aminy mihitsy fa ho any amin'ny helo izy raha tsy misy an'I Kristy amin'ny fiainany. Ny fifandraisana rehetra dia tokony ho lalana misokatra hanambaranao izay hitanao androany. Mitombina tanteraka izany, azoko tsara raha tsy vonona ianao, far aha vonona kosa hanao izany voady 2 izany dia teneno amin'Andriamanitra izao: **"Andriamanitra ô! Mino anao aho, mino ny zanakao, ary mino ny fanahy masintsoanao. Raisiko ny fanamby lehiben'izao ora izao. Ambarako etoana, izay no fanekena ataoko, fa Tsy hatahotra intsony hifanatrika amin'olona aho. Tsy hahoako izay fijerin'ny olona ny amiko. Tsy ho zava-dehibe amiko ny lanjako eo anatrehan'ny olona. Halako ny tahotra olona. Mandritry ny androm-piainako dia hilaza ny momba anao aho ry Tompo Jesosy. Holazaiko koa ny amin'ny paradisa sy ilay toerana antsoina hoe helo. Handroso hanao dingana hatrany aho. Tsy ho variana ka tsy hiraharaha intsony aho. Raisiko ny teninao ka tsy hatahotry**

**ny hiteny aho. Izay no fanekena ataoko aminao ry Andriamanitra mahery."** Avondrony ny tafikao ry tompo, manerana izao Tanana izao, manerana ny firenena, ary manerana izao tontolo izao; Ireo mahafantatra ny fotoana iainany ankehitriny. Ireo izay mahafantatra fa ny mandrakizay no fotoana hiainany manaraka, Ireo mahatsapa tsara ny voninahitry ny lanitra sy ny horohoron'ny helo, Ireo manao ho laharam-pahamehana ny fankatoavana an'Andriamanitra. Mangataka ny fahasoavanao izahay ankehitriny, nanao fanekena tamim-pahasahiana izy ireo ry Tompo. Tsy ho to nefa izany raha tsy noho ny fahasoavanao. Inoanay fa ampy ny fahasoavanao hahatanteraka izay nampanaovin'ny Teninao anay. Fahasoavana, fahasoavana, fahasoavana ho an'ireo olonao eto, Amin'ny anaran'I Jesosy.

Ny fitantarana amin'ny antsipirihany io fijoroana io dia hita ao amin'ny bokiny amin'ny fiteny anglisy mitondra ny lohanteny hoe "*23 Minutes in Hell!*" izay azo jifaina ao amin'ny [Amazon.com](https://www.amazon.com)  
Mpandika teny : [Hery Rasolofoarinivo](#)